



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2023

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-264

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-016/2023 TAMIN'NY 14 JONA 2023 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DE LA PREMIERE OPERATION D'APPUI BUDGETAIRE A UNE CROISSANCE EQUITABLE ET RESILIENTE, CONCLU LE 9 JUN 2023 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET L'ASSOCIATION INTERNATIONALE DE DEVELOPPEMENT (IDA)».

Fivoriana faha-25  
Natao ny  
Alakamisy 15 Jona 2023  
- Hariva -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - NAHARIMAMY Irmah Lucien  
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alakamisy 15 Jona 2023, tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui Budgétaire a une Croissance Equitable et Résiliente, conclu le 9 Juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Nitohy ny Alakamisy 15 Jona 2023, tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny nanatontosany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa misy Volavolan-dalàna vao tonga eto amin'ny Antenimierampirenena ka hanaovana asam-baomiera ny Alatsinainy 19 Jona 2023, amin'ny 10 ora, maraina ary fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny fivoriambe amin'io andro io ihany amin'ny 4 ora, tolak'andro, izany.

Nomarihany fa ny Volavolan-dalàna laharana faha-008/2023 tamin'ny 3 Mey 2023 «*autorisant la ratification de l'Accord de Partenariat Economique (APE) entre les 5 pays signataires du Groupe Afrique Orientale et Australe (AfOA), dont Madagascar et le Royaume-Uni et l'Irlande du Nord*» izany Volavolan-dalàna izany.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony ny tenany.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alakamisy 15 Jona 2023, tamin'ny 11 ora, atoandro, ny Voamieran'ny Fitantanambola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui*

Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente, conclu le 09 juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola tonga nivory;

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
3. RAFIDIMANANA Narison
4. FIENENA Richard Désiré
5. MOHAMAD Ahmad
6. RASOLONJATOVO Honoré
7. RASIDIMANANA
8. RAMBOASALAMA Emilien
9. ANDRIANAMBINA Djohary Lee

Ny Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana tonga nivory dia RAMBOASALAMA Emilien.

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana dia Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta.

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                             |        |          |
|-----------------------------|--------|----------|
| 1. RAMANAMPANO HARANA Andry | SG MEF |          |
| 2. RAJAOFETRA Andry         |        | DGT      |
| 3. RAZAKAMANANA Marilys     |        | CE/MEF   |
| 4. RAKOTONINDRAINNY Zoely   |        | DDP/SASD |
| 5. RABEMANANJARA Muryelle   |        | DDP pi   |
| 6. RAZAFINDRABE Haingo      |        | DDP/SADE |
| 7. RAJAONA Ambinintsoa      |        | DDP/SASD |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha, niroso tamin'ny adihevitra isan-karazany ireo Solombavambahoaka.

Noho ny mahazava-dehibe loatra ny anton'ny Volavolan-dalàna, nangataka ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola fa hotohizana rahampitso Zoma 16 Jona 2023, amin'ny 11 ora, atoandro, ny asam-baomiera.

Nifarana tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa RAJAOFETRA Andry, solotenan'ny Governemanta fa misy diso ny anaran'ny tekisana tao amin'ny tatitra, ka nangataka ny hanitsiana izany ny tenany.

Anarana faha-4, RAKOTONINDRAINY Zoely, fa tsy RAKOTONINDRAINY Zoly.

Anarana faha-5, RABEMANJARA Muryelle, fa tsy RABEMANJARA Muryelle.

Anarana faha-6, RAZAFINDRABE Haingo, fa tsy RAZAFINDRABE Harison.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert dia nanambara fa laviny ny fangatahan'ny Vaomiera amin'ny filazana hoe hahemotra rahampitso ny fivoriana satria zava-dehibe ho an'ny firenena ity Volavolan-dalàna tokony handraisana fanapahan-kevitra ity. Noho izany, nangataka ny hanohizana ny asam-baomiera ny tenany ary hiditra avy hatrany amin'ny fivoriambe aorian'izay.

Nilaza kosa Andriamatoa RAFIDIMANANA Naron, fa hotohizana rahampitso Zoma 16 Jona 2023 ny asa vita androany raha ny tatitra no jerena, fa tsy hoe hahemotra. Natao izany mba hanomezana zavatra tsara ny vahoaka satria maro ny teny Anglisy mbola mila avadika amin'ny teny Malagasy ao anatin'ny amin'izay mba azon'ny rehetra ny tena votoatiny.

Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philibert indray nanambara, fa zava-dehibe ho an'ny firenena ity Volavolan-dalàna ity, ka tsy tokony handrasana rahampitso ny fandinihana azy. Noho izany, aleo hotapahan'ny fivoriambe amin'ny alàlan'ny tsangan-tànana raha toa hatao rahampitso na hotohizana androany ihany ny fandinihana azy.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara.

Nilaza Andriamatoa RAJAOFETRA Andry, Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa mety avokoa izay tapaky ny fivoriambe satria efa tonga ao ivelany ao Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hamerina hamaky ny tatitra teo.

Nanao satroka, Andriamatoa TSABOTOKAY Honore ary nilaza fa tsy misy antony tokony hamerenana hamakiana ny tatitra intsony, fa aleo miroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra aloha ny fivoriambe.



Rehefa izany, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nomarihany fa hevitra roa no nivoitra nandritry ny adihevitra teo ka ireto avy izany: Voalohany, hotohizana anio Alakamisy 15 Jona 2023 ny asam-baomiera ary aorian'izay tonga dia miditra amin'ny fivoriambe.

Faharoa, ahemotra rahampitso Zoma 16 Jona 2023 amin'ny 11 ora, atoandro, ny asam-baomiera ary ny hariva no handraisan'ny fivoriambe fanapahan-kevitra.

Nanao satroka Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert ary nanambara fa ny hanohizana ny asam-baomiera na tsia no fanontaniana tokony handraisana fanapahan-kevitra izao.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny hanohizana ny asam-baomiera anio Alakamisy 15 Jona 2023 ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 17 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hotohizana izao ihany ny asam-baomiera mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente, conclu le 9 Juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)*».

Rehefa izany, niangavy ny Filoha Lefitry ny Vaomieran'ny Vola sy ny Fitantanam-bola, ny tenany, mba hitarika ny asam-baomiera satria tsy tonga ny Filohany.

Niato tamin'ny 5 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

Nitohy tamin'ny 5 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoriana.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo hatrany no nitarika izany.

Nambaran'ny fa rehefa avy nandalo «*commission plénière*» ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente, conclu le 9 Juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA) dia handraisana fanapahan-kevitra amin'izao fivoriambe izao izany.*

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany mba hamaky ny tatitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, ka toy izao no fivakiny:

Taorian'ny fanapahan-kevitra ny fivoriambe, ny hanaovana ny asam-baomiera ao anatin'ny "commission plénière" dia niroso tamin'ny asany ny Solombavambahoaka.

Nivoitra tamin'izany ireto teboka manaraka ireto:

- Ilaina ny famatsiam-bola ao anatin'ny Volavolan-dalàna satria miahy ny sosialim-bahoaka izany.
- Entina manatsara ny "climat d'investissement" koa izany.
- Manampy ny JIRAMA (Jiro sy Rano Malagasy) ihany koa izany satria manampy amin'ny fanaovana fotodrafitrasa.

Voaresaka ihany koa ny antony tsy nanaovana LFR (Loi de Finances Rectificative), ka ireto avy izany:

- Tsy maintsy manakatona ny fampiasam-bola kanefa voafetra ny fotoana ary tokony hitohy ny asa.
- Mbola misy koa ny fahefan'ny fanjakana raha ny "taux d'exécution budgétaire" no jerena. Azo atao ny "augmentation de crédit" rehefa tsy voakasika ny "grande rubrique" na tsy mihoatra ny 1%-n'ny vola miditra. Ny «crédit complémentaire» dia azo omena amin'ny alàlan'ny didim-panjakana. Ohatra ny CENI (Commission Electorale Nationale Indépendante)

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Arak'izany, nankatoavin'ny mpivory ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente, conclu le 9 Juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Nifarana tamin'ny 5 ora sy 35 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, tamin'ny famakiany tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nomeny fitenenana ny solotenan'ny Governemanta taorian'izay raha toa manan-kambara.

Nilaza Ramatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, fa misy singa iray ao anaty taratasy natolotra ny Solombavambahoaka teo no mila amboarina kely. Misy diso ny teny hoe: «Association Internationale pour le Développement IDA» izay «guichet» nahazoana ity famatsiam-bola ity. Diso ny hoe: «...pour le Développement» fa «...de Développement» no izy.

Nisaotra an-dRamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ny fanamarihana nataony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana taorian'izay.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina mikasika ny tatitra intsony ny mpivory, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente,



conclu le 9 Juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA), ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny Volavolan-dalàna ary ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no arahina amin'ny fandaniana azy. Izany hoe, tsy azo kitihana ireo andininy ao anaty fifanarahana fa na ankatoavina na tsipahina na ahemotra ny fandinihana azy.

Nampahatsiahiviny koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 22 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-016/2023 tamin'ny 14 Jona 2023 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement de la Première Opération d'Appui Budgétaire à une Croissance Equitable et Résiliente, conclu le 9 Juin 2023 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)».

Torian'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha mbola manan-kambara.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna no nataon-dRamatoa RABARINIRINARISON Rindra Hasimbelo, Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, raha nandray fitenenana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Zoma 16 Jona 2023, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-015/2023 tamin'ny 7 Jona 2023 «modifiant l'annexe n°01 de la loi n°2014-02 du 27 Septembre 2014 modifiée et complétée par la loi n°2021-012 et par la loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation, au fonctionnement et aux attributions de leurs organes». Amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa no handraisana fanapahan-kevitra amin'ny fivoriambe izany Volavolan-dalàna izany.

Niato tamin'ny 5 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**